



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**VOLAVOLAN~DALÀNA LAHARANA FAHA 018/2021**  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA  
HO AMIN'NY TAONA 2022

**PROJET DE LOI N°018/2021**  
PORTANT LOI DE FINANCES  
POUR 2022

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 018/2021  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA  
HO AMIN'NY TAONA 2022**



## VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 018/2021 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2022

### FILAZANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia miorina amin'ireo laharaham-pahamehana ara-stratejika napetraky ny Governementa ho an'ny taona 2022.

Ireo laharam-pahamehana ireo dia nofaritana tamin'alalan'ireo **Velirano 13** nataon'ny Filohan'ny Repoblika. Tafiditra tao anatin'ireo laharam-pahamehana ireo hetahetan'ireo mpisehatra ifotony nandritra ireo fihaonana ara-tetibola teny anivon'ny faritra na "**conférences budgétaires régionales**" izay efa nanomboka ny volana Febroary 2021. Nisy kosa ny fanaovana laharam-pahamehana lalindalina kokoa nataon'ireo Governoram-paritra nandritra ny **fihaonan'ireo governora** natao tany Mantsoa ny 3 septambra 2021. Anisan'ny laharam-pahamehana voafaritra tamin'izany ny fananganana fotodrafitr'asa ho an'ny sehatry ny fanabeazana sy ny fahasalamana, ny fampitomboana ny vola omena ireo kaominina, ny fampandehanana ireo fitaovana na "engins" natolotra ireo Faritra, ny fanamboarana làlana ary ny fanamafisana ny famokarana angovo.

Voakasik'ireo laharam-pahamehana ireo ihany koa ny fanohizana ny fanatanterahana ireo fifanarahana nandritra ny **fivoriana ho an'ny "Fisandratan'ny Faritra Atsimon'i Madagasikara"** tamin'ny volana Jona 2021 tany Taolagnaro ka anisan'ny tetikasa lehibe amin'izany ny fanorenana ny fantsona Efaho na "pipeline Efaho" ho famatsiana rano any Atsimo.

Farany, ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2022 ity dia mametraka politika ho **famerenana hatanjaka indray ny toe-karena sy sosialy**, izay mifanojo amin'ny fitsaharan'ny hamehana ara-pahasalamana taorian'ny andiany faharoan'ny Covid-19 tamin'ity taona 2021 ity.

## I- **FIRONANA ANKAPOBEN'NY LFI 2022**

### **Fanamafisana orina ny fiverenan'ny toekarena**

Ny fihanaky ny Covid-19 dia nampitondra takaitra mavesatra amin'ny toe-karena sy ny sosialy malagasy. Mbola nampian'ny andiany faharoa izany ny faran'ny telovolana voalohan'ny taona 2021 izay nanampy fahasaratana ny famerenana amin'ny laoniny ny toekarena.

Ny fiakaran'ny hamehana ara-pahasalamana dia fototra iray hahafahana manamafy orina ny fiarindoha sy firoboroboan'ny toe-karena. Ny Governemanta dia hampiasa ny enti-manana mba hanatanterahana ireo tetik'asa manerana ny Nosy, izay hiantoka izany firoboroboana izany. Hisy ny fijerevana manokana ireo tetik'asa ho an'ny Fisandratan'ireo faritra any atsimon'ny Nosy.

Ny Governemanta dia hiroso amin'ny fanavaozan-drafitra ary fanatanterahana tetik'asa maro toy ny fanamboaran-dàlana, ny fanatsarana ny sehatry ny angovo, ny tetik'asa ho an'ny fahaleovantena ara-tsakafo mba ahafahana manohana ireo indostria malagasy sy ny sehatra tsy miankina izay niharan'ny voka-dratsin'ny Covid-19. Ny Governemanta dia hijery ihany koa ny paik'ady ho fampiroboroboana ny fizahan-tany.

### **Hohamafisina ny fampandrosoana ara-tsosialy**

Nasehon'ny Covid-19 ny maha-zava-dehibe ny fanamafisana ny sehatra sosialy amin'ny alalan'ny tosika ara-bola sy fanampiana ireo tokantrano sahirana, ny fanatsarana ny fahafahan'ireo vehivavy sy zaza misitraka ireo tolotra omena eny amin'ny sehatry ny fanabeazana sy ny fahasalamana. Hisy araka izany ny ezaka ho ataon'ny Fanjakana amin'ny fanatsarana sy fampitaovana ary fanomezana mpiasa ho an' ireo hopitaly, ivon-toeram-pitsaboana fototra, ary sekoly.

Ankoatr'izany, ny Fitondram-panjakana dia hitsinjo hatrany ny fahefa-mividin'ny mponina ka hiezaka ny hampisy hatrany eny antsena ireo entana ilaina andavanandro, amin'ny vidiny zakan'ny rehetra.

Hisy ihany koa ny fanamafisana ny fahaiza-manao sy fampitaovana ireo mpisehatra eo amin'ny fiarovana sy ny filaminana mba hahafahan'izy ireo miaro ny vahoaka sy ny fananany.

## II- VINAVINA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA

Ny fihemorana ara-toe-karena tamin'ny taona 2020 dia nahery vaika lavitra noho ireo vinavina tanatin'ireo Làlana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana teo aloha. Ny fiakaran-dohan'ny toe-karena dia efa nanomboka tsinjo tamin'ny telovolana faran'ny taona 2020 ary mbola nitohy tamin'ny 2021. Noho ny andiany faharoan'ny Covid-19 tany amin'ny faran'ny telovolana voalohan'ny taona 2021 anefa dia nihena ny risika efa nisy teo amin'ny fiakaran'ny harinkarena faobe (HAF). Noho izany, eritreretina ho 3,5% izany fiakarana izany ho an'ny taona 2021 raha novinavinaina ho 4,3% tao anatin'ny Làlana mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2021.

Amin'ny taona 2022, vinavinaina fa ihafainganana ny fitomboan'ny harikarena ka hahatratra 5,4%. Izany dia noho ny fiafaran'ny hamehana ara-pahasalamana, ny fisokafan'ny sisin-tany, ny fanomezan-toky ara-stratejikan'ny Governementa amin'ny famatsiam-bola voarafitra ary ny fiverenan'ny fahatokisan'ireo mpisehatra ara-toe-karena. Tokony hahatratra 9,2%-n'ny harinkarena faobe ny tetikasa fampiasam-bola iantsorohan'ny Fanjakana (+1,8% mitaha amin'ny taona 2021) ary 16,6% kosa ny an'ny sehatra tsy miankina. Ny fiakaran'ny vidim-piainana kosa dia heverina ho voafehy ho 6,4% raha 7% izany tamin'ny 2021.

Ny fiandinan'ny toe-karena araka ny tokony ho izy izay miara-dàlana amin'ireo fanavaozana efa natomboka, indrindra fa ny "digitalisation", dia tokony hampitombo ireo vola miditra azo avy amin'ny hetra ka hahatratra 12,1%-n'ny HAF ny tahan'ny tsindrin-ketra ho an'ny taona 2022 raha novinavinaina ho 10,8% tamin'ny 2021. Ireo ezaka natao amin'ny fampidiram-bola sy ny fijerena ireo fandania dia ahafahana mampihena be ny fatiantoky ny tetibola (- 6,1% n'ny HAF amin'ny 2022 raha -6,6% tamin'ny 2021) ary mamerina indray ny « solde primaire intérieur » ho -1,3%-n'ny HAF raha -2,5% izany tamin'ny 2021.

Ny fizotran'ny fifanakalozana iraisam-pirenena amin'ny 2022 dia heverina hitondra ho any amin'ny fihiban'ny "déficit du compte courant" ho - 4,8% n'ny HAF. Ny fanondranana entana (18,5%- n'ny HAF) mantsy dia somary hitombo moramamora raha oharina amin'ny fanafarana entana (24,7%- n'ny HAF). Noho izany, ny sandan'ny Ariary oharina amin'ireo vola vahiny (Euro sy USD) dia hihiba - 2,7% amin'ny 2022.

### **III- FITODIKY NY TETIBOLAMPANJAKÀNA AO AMIN'NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA 2022**

#### **III.1- VOLA MIDITRA**

##### **III.1.1- HETRA**

###### **III.1.1.1- HO AN'NY VOLA MIDITRA AMIN'NY HETRA ANATINY :**

Ny fiantraikan'ny Covid-19 nandritry ny roa taona nifanesy eo amin'ny toe-karena, hametraka fepetra henjana entina hampidiran-ketra dia mety hisy fiantraikany ratsy amin'ny fanentanana indray ny toekarena taorian'ny valan'aretina. Marina tokoa fa, ny vinavina amin'ny vola miditra amin'ny hetra anatiny ho an'ny Volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2022 dia mikendry ambony ny hitondra fiakarana 1,21 amin'ny PIB (6,11 LFR 2021 hatramin'ny 7,0 PLFI 2022); na izany aza, ny Minisitara dia mahatoky ny fahatratrarana io tanjona io raha toa ka tsy hisy intsony ny krizy ara-pahasalamana amin'ny taona ho avy.

Ny vinavinan'ny fampidiran-ketra anatiny dia noheverina ho 4 219 miliara Ariary, izay ahitana fitomboana 21% (732,16 miliara Ariary) izay manome 57,93% ny fitambaran'ny vola miditra amin'ny hetra

	miliara Ariary		
<b>KARAZAN-KETRA</b>	<b>LFR 2021</b>	<b>PLFI 2022</b>	<b>ELANELANY</b>
Impôt sur les Revenus	799,60	968,99	169,39
Impôt sur les Revenus Salariaux et assimilés	569,65	683,49	113,84
Impôt sur les Revenus des Capitaux Mobiliers	59,99	80,51	20,52
Impôt sur les Plus-Values Immobilières	9,46	10,13	0,67
Impôt Synthétique	82,00	89,77	7,77
Droit d'Enregistrement	45,27	55,25	9,98
Impôt sur les Marchés Publics	157,02	84,00	-73,02
Taxe sur la Valeur Ajoutée	1218,84	1565,11	346,27
Droit d'Accise	514,68	640,50	125,82
Assurances	9,96	11,50	1,54
Autres	2,77	3,69	0,92
Droit de Timbres	17,60	26,06	8,46
<b>FITAMBARANY</b>	<b>3 486,84</b>	<b>4 219,00</b>	<b>732,16</b>

###### **III.1.1.2- MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-KETRA :**

Ireo fepetra ara-ketra anatiny noraisina dia manamafy hatrany ireo fepetra mikasika ny fiarovana ny vola miditra, ny fandanjalanjana ny fanomezana ireo tombotsoa ara-ketra izay miteraka fandaniana ara-ketra ho an'ny Fanjakana nefa koa mitsinjo ireo orinasa taorian'ny krizy ara-pahasalamana.

Ankoatr'izany, ho fanarahana ireo fepetra voalazan'ny Lalàna fehizoro momba ireo lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana sy ny fanao mahazatra iraisam-pirenena, ireo fepetra ara-ketra miparitaka any amin'ireo lalàna isan-tsokajiny dia ampidirina miandalana ao anatin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra. Ampidirina ao amin'ny volavolan-dalàna ireo fepetra ara-ketra mikasika ny Lalàna momba ireo faritra sy orinasa afakaba, miaraka amin'ny fanatsarana ireo fepetra efa nisy ho famerana ireo fandania ara-ketra ataon'ny Fanjakana.

Ho famenoana ireo fepetra misy ankehitriny, fanadiovana vitsivitsy sy fandrindrana sy fanoritana mazava no natao.

Ireo fanovàna lehibe natao dia mikasika ny :

- ***Ireo fepetra noraisina mikasika ny fandanjalanjana ny fanomezana ireo tombotsoa ara-ketra voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra (CGI) sy ny Lalàna mikasika ireo orinasa afakaba, ireo fepetra ireo dia tafiditra ihany koa amin'ny fanatsarana ny fidiram-bolam-panjakana (AMRP) :***

*Fepetra ara-ketra voalazan'ny Lalàna laharana 2007-037 tamin'ny 14 janoary 2008 mikasika ireo orinasa afakaba: + 22,50 miliara Ariary*

- Fampidinana ny fotoana fanesorana ny hetra amin'ny vola miditra ho an'ireo faritra sy orinasa afakaba vao niforona amin'ny fanombohana ny taom-piasana ho 1 taona, 3 taona sy 10 taona araka ny karazana orinasa ;
- Fampidinana ny taha amin'ny fampihenana-ketra momba ny fampiasam-bola ho 25 isan-jato ;
- Famerana ireo antoka amin'ny fanamarinan-toerana ao anatin'ny fotoana voafaritra mazava ;

*Fepetra mifehy ny ankapobem-bahoaka :*

- Fanesorana ireo fanafoanana ara-ketra amin'ny vola miditra amin'ny tambin'ny tantsorom-piantohana avy amin'ny tranom-piantohana malagasy ho an'ireo tranon-tantsorom-piantohana avy any ivelany : + 5,30 miliara Ariary ;
- Fanesorana ireo fanafahana ara-ketra amin'ny vola miditra sy ny hetra fandoa farafahakeliny ho an'ireo trano mpampindrana-bola madinika ary koa Ivon-toeram-pitantanana nankatoavina : +1,50 miliara Ariary ;
- Fampidinana ireo taha momba ny fampihenana-ketra ho an'ny fampiasam-bola amin'ny famokarana sy famatsiana angovo azo havaozina, sy ireo ao anatin'ny sehatr'asa fambolena, fizahan-tany, indostria, tao-trano sy ny asa vaventy : + 15,01 miliara Ariary ;

- ***Fepetra noraisina hanatsarana ny fampidiran-ketra :***

- Fametrahana rafitra ho an'ny fitanana ifotony ireo hetra (IR, TVA) ho an'ireo asa voasoritra manokana ny mampihatra ny vidiny voavaritra mialoha ;
- Fampiakarana ny fandoa farafahakeliny amin'ny IRSA (2000Ar hatramin'ny 3000Ar) : +7,18 miliara Ariary ;
- Fampiakarana ny sandan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania amin'ny paraky : +20,69 miliara Ariary.

- Fampiakarana ny DA amin'ny fividianana alikaola eto an-toerana : +2,30 miliara Ariary ;
- Fampiakarana ny tahan'ny TVA amin'ireo paty fihinana : + 11,20 miliara Ariary ;
- Fampiharana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania amin'ny fanondranana volamena amin'ny taha 15 isan-jato : +48,63 miliara Ariary.
- ***Fanentanana indray ny toekarena taorian'ny valan'aretina, fanohanana ireo mponina marefo nianjadian'ny tsy fahampian-tsakafo :***
  - Tsy fampiharana ny AIRS ho an'ireo orinasa niorina mihoatra ny fito taona ;
  - Fanafahana ara-kaba amin'ny tataom-bidy (TVA) amin'ireo raharaha famindrana entana iraisam-pirenena ;
  - Fanafahana ara-kaba amin'ny tataom-bidy (TVA) amin'ireo fifanaraham-piantoana ho an'ireo mpisehatra madinika amin'ny fambolena ;
  - Zo amin'ny fanalana ny TVA ho an'ireo matihanina amin'ny fitanterana an'habakabaka : - 2,353 miliara Ariary ;
  - Fanafahana ara-ketra amin'ny IMP ny vola miditra ho an'ireo mpamatsy entana amin'ny varotra anatin'ny ireo sakafa fitsaboana vonona avy hatrany, ireo vokatry ara-tsakafo manokana, amin'ireo sampan-draharaham-panjakana.
- ***Fanoritana mazava, fandrindrana ireo fepetra ara-ketra samihafa mikasika ireo hetram-bondrom-bahoaka mba ahafahana mandanjalanja kokoa ny fitantanana sy ho fanatsarana ny fidiram-bolan'ireo Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ;***
- ***Fampanarahana toetr'andro ireo « Sanda/Laharana » ao anatin'ny lisitr'ireo entana sy vokatry tsy voan'ny TVA, ary koa ny tabilaon'ireo vokatry iharan'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania izay mifanaraka amin'ny fanodroana sokajin'ananana vaovaon'ny faditseranana.***

### III.1.1.3- MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-PANJAKANA :

Ny toe-draharaha nateraky ny valan'aretina sy ny tsy maintsy hampiakarana ny vola miditra ara-tetibola dia mitarika ny fanovana ny fandaminana ny Fandraharahana ara-ketra, indrindra indrindra amin'ny fampiasana ny fomba ara-elektronika amin'ny fanangonana ireo vola miditra sy ny fanitarana ny sehatra ampiharana ny famerana ny hetra amin'ny fampidirana ho ara-dalàna ireo sehatra tsy manara-dalàna izay miteraka vokatry maha-ritra ho fampitomboana ny vola miditra. Ankoatr'izany, "eServices" folo (10) ara-tambazotra feno no azo ampiasaina mba hanatsarana ireo raharaha hatolotra ireo mpampiasa ny "eHetra" hatramin'ny taona 2022, ary karazan'asa 12 ao amin'ny SAFI ho fanatsarana ireo zotram-panatanterahana ny fitantanana anatin'ny DGI. Ireto avy ny lisitr'ireo vinavin'asa andalam-panatanterahana :

- Ny fanaparahana isam-paritra ny "e-hetraphone" dia hanomboka ny volana desambra 2021 (fifanaraham-panitarana teo amin'ny MEF, PIFM, sy ireo EMEs vita sonia ny 24 aogositra 2020);
- Ny hetsika fampidirana ho ara-dalàna mikasika Anjarahetrako amin'ireo faritra 14 dia heverina hatao amin'ny volana desambra 2021 ary tohizana ny taona 2022 ;



- Ny sehatra “eHetra” (e-Déclaration sy e-Payment) dia hapetraka any amin’ny SRE Atsinanana ny faran’ny volana desambra 2021 ary any amin’ireo SRE hafa ny taona 2022 ;
- Ny fanatsarana sy ny fanapariahana ny sehatry ny fandefasana ampitain-davitra ireo filazana ny toe-bola (eBilan) dia mbola hotohizana ;
- Ireo dingana amin’ny famerenana trosan-kaban’ny TVA (tracking, suivi, instruction, paiement, ...) dia hovàna ho ara- informatika hatramin’ny faran’ny volana desambra 2021 (eCrédit TVA) ;
- Ny sehatra “eSalariés” dia ampiasaina amin’ny fanitsiana ireo fameran-ketra ;
- Ny fitarainana mikasika ny “eFacturation” dia efa nalefa any amin’ny PRODIGY/BM mba ampiharina manomboka ny taona 2022 ;
- Fiantsoana hetsika amin’ny femetrahana ny marika ara-elekitronika ho an’ny ady amin’ny hosoka amin’ireo vokatra iharan’ny hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandaniana dia tsy maintsy vitaina amin’ny taona 2022.
- Fanisana amin’ny alalan’ny famataran-toerana ara-jeografika Ireo asa fihariana ;
- Ny vinavina hanomezana laharam-pamantarana ara-ketra (NIF) ho an’ ny mpiasam-panjakana, ireo mpiasan’ny sehatra tsy miankina sy ireo mpandoa hetra izay mandoa hetram-bondrom-bahoaka (IFPB, IFT) dia eo am-pandinihana ;
- Ny “e-Enregistrement” ireo sora-panekena dia ho vitaina hatramin’ny faran’ny taona 2022.

Ny ezaka atao dia ahompana amin’ny fanovàna ny fandraharahana ara-ketra amin’ny alalan’ny fomba ara-elekitronika ny fitantanana ny hetra sy ny fahaiza-mitantana mba afahan’ny fanjakana mahazo fidiram-bola ara-ketra fanampiny (679,75 miliara Ariary).

**ANTSIPIRIHAN'IREO FEPETRA ARA-KETRA HO AN'NY PLFI 2022**

<b>Fepetra ara-ketra ho an'ny PLFI 2022</b>	<b>Sora-bola (miliara Ariary)</b>
<b>Fepetra araka ny lalàna (1)</b>	<b>174,51</b>
Fampiakarana ny DA amin'ny PARAKY	20,69
Fanoritana mazava ireo vokatra iharan'ny DA	25,00
Fanesorana ireo fampihenana-ketra amin'ny fampiasam-bola	15,01
Fanafoanana ireo tombontsoa ara-ketran'ireo ZEF	22,50
Fampiakarana ny DA amin'ny alikaola amin'ny varotra anatin'ny 2500 Ar/l ho 2750 Ar/l	2,30
Fampiakarana 50% amin'ny farafahakeliny alaina amin'ny vola miditra amin'ny karama (2000Ar ho 3000Ar)	7,18
Famerenana ny taha 20% amin'ny paty	11,20
Fanafoanana ny fanafahana amin'ny TVA ny fanaovana fifanarahana ara-piantohana ho an'ny besinimaro sy fanafahana manokana amin'ny TVA ho an'ireo fifanarahana ara-piantohana momba ny fahavelomana	9,50
Fanafoanana ny fanafahana amin'ny IR amin'ireo tambin'ny tantsorom-piantohana omen'ireo tranom-piantohana malagasy ho an'ireo tranon-tantsorom-piantohana avy any ivelany	5,30
Fanesorana ireo fanafahana ara-ketra amin'ny vola miditra sy ny hetra fandoa farafahakeliny ho an'ireo trano mpampindram-bola madinika mifanampy na tsia	1,50
Fitanana ifotony amin'ny fakana vola amin'ireo zava-pisotro misy alikaola na tsia	5,00
Fanafoanana ny IRCM sy ny findramam-bolan'ireo Sosaitey ivondronan'ireo Koperativa	0,50
Fanafoanana ny TVA amin'ny fidirana ho mpikambana amin'ny CGA	0,20
Fampiharana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana amin'ny fanondranana volamena amin'ny taha 15 isan-jato	48,63
<b>Fepetra ara-panjakana (2)</b>	<b>679,75</b>
Fitantanana tsara ny TVA (e-déclaration,e-bilan)	30,50
Fampivondronana ny fitantanana ny mety ho voka-dratsin'ny tsy fanarahana ny fitsipiky nyTVA	1,00
Fanatsarana ny famantarana ireo mpandoha hetra	37,00
Fanamafisana ny fahaizana ny fitsipi-pifehezana ara-ketra	1,50
Fanamafisana ny fitantanana, fangaraharana, ny fanaraha-maso sy ny serasera anatin'ny	46,75
Fitantanana tsara ny IRSA amin'ny alalan'ny sehatra E-SALARIE	6,50
Fanitarana ny fampiharana ny télépaiements (e-hetrapaiement,e-hetraphone,hetraonline)	5,00
Fandraisana an-tanana ireo DAT	30,00
Fanaraha-maso ny fanatsarana ny DA amin'ny ranom-boankazo	15,00
Famoriana ireo hetra tsy tafiditra	215,00
Fitsirihana ara-ketra	152,00
Fametrahana ny AIRs	25,00
Fanaraha-maso ny famoriana ny IMP	114,50
<b>FITAMBARANY (1+2)</b>	<b>854,26</b>

### **III.1.2- FADITSERANANA**

#### **III.1.2.1- NY AMIN'NY FAMPIDIRAM-BOLA AMIN'NY HABAN-TSERANANA :**

3 063,02 miliara Ariary no vinavinaina ho tafiditry ny Faditseranana ao amin'ny kitapom-bolampanjakana avy amin'ny fanafarana entana avy any ivelany amin'ny taona 2022. Ny 27% amin'io dia avy amin'ny fanafarana solika ary ny 73% dia avy amin'ny fanafarana entana hafa ankoatra ny solika.

Vinavinaina hitondra fiakarana betsaka eo amin'ny fanafarana entana avy any ivelany ny politika isan-karazany entina hanamorana ny famokarana aorian'ny valan'aretina Covid-19 sy ny tetikasa fananganana fotodrafitrasa vaventy tarihan'ny fanjakana, ny fanampiana ny sehatra sosialy amin'ny lafiny fampitombenana ny vidin'ny vokatra tena ilaina, ny fanatsarana ny fitsirihana ataon'ny Faditseranana, ny fifehezana ny vidin'entana afarana, ny fampiharana ny tahan'ny habantseranana mifanaraka amin'ny politikan'ny haba ary ny fanonerana ny trosan'ny fanjakana amin'ny Faditseranana amin'ny fanafarana entana ataony.

<b>Nature des droits et taxes</b>	<b>Montant (Arivo Ariary)</b>	<b>Part dans les recettes douanières</b>
Droit de douane	649 500 000	21,20%
TVA	1 595 640 000	52,09%
Droit de navigation	1 570 000	0,05%
Taxe sur les produits pétroliers	300 370 000	9,81%
TVA sur les produits pétroliers	515 940 000	16,84%
<b>Somme</b>	<b>3 063 020 000</b>	<b>100,00%</b>

#### **III.1.2.2- MAHAKASIKA NY FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADITSERANANA :**

Ny fanitsiana noentina amin'ny Fehezan-dalana mikasika ny Faditseranana dia mikendry ireto tanjona manaraka ireto :

- Fanoritana ny rijan-teny mikasika ny fanapahan-kevitra mialoha (and. 13 quarter) ;
- Fampidirana rijan-teny vaovao mikasika ny fametrahana taratasy manambara fanovam-pitaterana ho amin'ny fanambarana tsotsotra amin'ny entana tokony hizaka fanovam-pitaterana (and. 61) ;
- Fanoritana ny rijan-teny mikasika ny sata fametrahana amin'ny Faditseranana (and. 187 sy 188 bis) ;
- Hampifanarahana ny rijan-teny amin'ny Fehezan-dalana mikasika ny Faditseranana amin'ny rijan-tenin'ny Fifanarahana nasiam-panitsian'i Kyoto amin'ny lafiny fanomezana fanalana tsatoka ny entana (and. 315-b) ;
- Sokajina ny tsy tsy fahatanterahan'ny fanekena natao amin'ny Fandraharahana ny Faditseranana, hafa tsy izay voalaza ao amin'ny andininy 359-2 an'ity fehezan-dalana mikasika ny Faditseranana, ho isan'ny heloka madinika kilasy voalohany (and. 356-2°.d) ;
- Fanoritana ireo karazana fanekena natao (and. 359).

### III.1.2.3- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADITSERANANA :

Ny fanovàna momba ny lazam-bidy amin'ny Faditseranana dia miompana amin'ny :

- 1- Fifindrana avy amin'ny filaza 2017 mankany amin'ny filaza 2022 araka ny toromariky ny fikambanamben'ny faditseranana erantany ;
- 2- Fanasokajiana ny lazam-bidy amin'ny entana stratezika sasany araka ny politikan'ny lazam-bidy nasionaly sy ny modely navoakan'ny CNUCED, izay mampiavaka ny akora fanodina ho 5%, ny taharo ho 10% ary ny vokatry fanjifa ho 20% :
- 3- Fanohanana ny seha-pamokarana Malagasy :
  - Fampidinana 5% ny habantseranana amin'ny voanjo voaendy ao amin'ny zana-tsokajy 2008.11 00, ho fanohanana ny ady amin'ny tsy fanjariant-tsakafo any atsimon'ny Madagasikara ;
  - Fanesorana ny zana-tsokajy nasionaly 7612.90 91 et 7612.90 99 ary fampidirana zana-tsokajy nasionaly vaovao 7612.90 92 sy 7612.90 93 mba hanovana ny hadirin'ny kapoaka fasiana zava-pisotro ho 50 cl noho ny fangatahan'ny orinasa mpamokatra ;
  - Fanesorana ny haban-tseranana amin'ny menaka azo avy amin'ny biby ao amin'ny zana-tsokajy 1502.10 00 noho ny fangatahan'ny orinasa mpamokatra savony ;
  - Famoronana zana-tsokajy ho an'ny arikovera fanao masomboly noho ny fangatahan'ny mpamokatra.
- 4- Famoronana zana-tsokajy nasionaly manokana momba ny akora fanasana tanana misy alikaola mba hialana amin'ny fanambarana lazambidy diso.
- 5- Fitazomana ny tetiandro amin'ny fampidinana ny habantseranana APEi misy amin'izao fotoana izao momba ny akora voakasika avy any Eoropa, mandritra ny taom-piasana 2022.

### III.1.2.4- FIANTRAIKAN'NY FANOVANA :

Ny fiantraikan'ireo fanovàna ny lazam-bidy eo amin'ny fidiran-ketra dia tomanana ho fiakaran'ny haba sy hetra ho 82.89 miliara Ariary mitsinjara toy izao :

- - 0,24 miliara Ariary noho ny fampidinana ny habantseranana amin'ny voanjo voaendy ho 5% ;
- + 83,73 miliara Ariary noho ny fanasokajiana ny lazam-bidy ;
- - 0,03 miliara Ariary noho ny famoronana zana-tsokajy misy masomboly arikovera ;
- - 0,13 miliara Ariary noho ny fanesorana ny habantseranana amin'ny menaka azo avy amin'ny biby ;
- - 0,44 miliara Ariary noho ny fanovana ny hadirin'ny kapoaka fampiasan'ny orinasa mampiasa azy ho lasa 50 Cl ;

## **III.2- FANDANIAMBOLAM-PANJAKÀNA**

### **III.2.1. Karaman'ny mpiasam-panjakana**

Ny karaman'ny mpiasampanjakana dia tokony hitentina 3 266,7 miliara Ariary ho an'ny taona 2022, hitombo +325,1 miliara Ariary izany raha oharina amin'ny vinavina ho an'ny taona 2021 (+11,1%). Izy io dia hahatratra ny 5,4%-n'ny HAF, izany hoe teboka +0,2 amin'ny isan-jato fanampiny miohatra amin'ny an'ny taona lasa ary 27,8%-n'ny fandania (miabo teboka +1,2 amin'ny isan-jato miohatra amin'ny taona 2021). Ambadik'izany, ny karaman'ny mpiasampanjakana dia tsy haka afa-tsy ny ampahany 46,4%-n'ny vola miditra avy amin'ny hetra afa-karatsaka, miiba teboka -1,9 amin'ny isanjato noho ny fitomboana andrasana eo amin'ny vola miditra avy amin'ny hetra sy ny fihenany fanonerana ireo TVA sy ny TVA momba ireo Solika na TVAPP.

Io fitomboan'ny antontakarama io dia hazavain'ny fanamafisan'ny Governemanta hatrany ny sehatra Fanabeazana, ny Fahasalamana ary ny Fiarovana ny vahoaka amin'ny alalan'ny fandraisana mpiasa maro. Mpiasa miisa 22 914 mantsy no ho raisina hiasa ary hitsinjara toa izao manaraka izao: toerana miisa 20 791 omena ireo Minisitera izay napetraka ho laharampahamehana (Minisiteran'ny Fahasalambahoaka, Minisiteran'ny Fanabeazampirenena, ny Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy ny Fanofanana arakasa, ny Minisiteran'ny Fampianarana ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa, Minisiteran'ny Fiarovampirenena, Sekretariampanjakana momba ny zandariamariam-pirenena eo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovampirenena, Minisiteran'ny Filaminana anatin'ny ary ny Mpitana ny Fitombokasem-panjakana Minisiteran'ny Fitsarana), ary miisa 2 123 ho an'ireo Minisitera hafa sy ireo Andrimpanjakana mba hanonerana ireo mpiasa niala sy hiantohana ny fampandehanana ireo Tetikasa Fampiasambolam-panjakana. Ivelan'ireo fandraisana mpiasa ireo dia misy ihany koa vinavina hanomezana toerana handraisana mpiasampanjakana ambony (HEE) miisa 309 eny anivon'ireo Minisitera nivaky. Farany, ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa miisa 2.800 noraisina avy tamin'ny alalan'ny fifaninanana notanterahana tamin'ny taona lasa ka hisy andiany hivoaka ny taona 2022 hanomanana sorabola ao anatin'ny Lalana mifehy ny Fitantanambolam-panjakana 2022. Ny fandania ho an'ireo mpiasa vaovao fanampiny rehetra ireo izay hanomanana tetibola amin'ny taona 2022 dia tomanana ho 66,1 miliara Ariary.

Ireo olona andeha hisotro ronono dia hiisa 4 744 ary hanaisotra -28,0 miliara Ariary ao anatin'ny karama (-0,5 miliara Ariary miohatra amin'ny taona lasa). Na izany aza, ireo tambikarama fanome ireo olona andeha hisotro ronono dia hanampy tovana ny vinavina ho an'ny karama izay hitentina 51,7 miliara Ariary (tambikarama mitovy amin'ny fitambaran'ny karama 12 volana ho an'ny mpiasa izay mandeha misotro ronono), izany hoe miabo +12,8 miliara Ariary miohatra amin'ny an'ny taona lasa.

Ny fiakaran-karama mifandray amin'ny fivoarana izay andrasana eo amin'ny tontolo ara-toekarena sy ara-tsosialy dia hisy fiantraikany +140,8 miliara Ariary. Ireo « avancement » sy « reclassement » dia tokony hiteraka elanelana +25,1 miliara Ariary miohatra amin'ny an'ny taona lasa. Io vola voalaza io dia efa ahitana ny fanefana tsikelikely ny vola aterak'ireo antontan-taratasy « mandatement » eo an-dalam-pikarakarana niangona nandritra ireo taona lasa. Ny tetibola ho an'ny karama dia maminavina ihany koa ny fanefana ny taona feno ho an'ny karaman'ireo mpiasa vaovao

noraisina tamin'ny taona 2021 (70,8 miliara Ariary), izay tsy nahazo afa-tsy ampahan-taona ihany arakaraky ny daty nidirany niasa tamin'izany.

Ny vola entina mandoa ireo karama ho an'ireo mpiasampanjakana miasa any ivelany dia tokony hitombo +2,3 miliara Ariary miohatra amin'ny tamin'ny taona lasa (+3,5%). Io fitomboana io dia noho ny Tetibola vinavina ho an'ny fanendrena ireo masovioho sy ireo mpiasa misahana ny raharaha ivelany any amin'ireo Firenena tsy misy masovioho miasa sy ny fiomanana amin'izay mety ho fiovaovan'ny sandambola. Mahakasika ny Fiarovampirenena sy ny Zandarimaria, ny fitomboan'ny antontakaraman'izy ireo dia hitentina +20,2 miliara Ariary sy +42,9 miliara Ariary. Ho fampatsiahivana, ireo vola ireo dia ahitana ireo singa izay hisy fiantraikany eo amin'ny fandanianana ho an'ny karama (Fialana amin'ny asa, fandraisana mpiasa vaovao, tambikarama, fiakaran-karama, fitomboana eo amin'ny toeranasana sy izay noho ny fahazoana fahaiza-manao vaovao, sns.). Marihana fa ho an'ny zandarimaria manokana dia Jeneraly maromaro izay notendrena tamin'ny taona 2021 no hahazo karama feno 12 volana ho an'ny taona 2022.

Farany, ny vola ho an'ny fanefana ireo trosa dia andrasana ho 11,0 miliara Ariary. Izany dia hahakasika ireo vola mbola tsy efa momba ny latsakemboka alohan'ny mpampiasa an'ireo mpiasa antselika ECD izay niova ho ELD ka hanentsina ny elanelana eo amin'ny tahan'ny latsakemboka napetraky ny CNaPS (13%) sy ny CPR (19%).

### **III.2.2- Fisotroandronono :**

Ho an'ny taona 2022, ny fiiban'ny toedanjan'ny Kitampombolan'ny fisotroandronono dia andrasana ho -293,9 miliara Ariary, izany hoe fidinana -109.7 miliara Ariary miohatra amin'ny an'ny taona 2021 vokatry ireo fanavaozana nentina teo anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanambola nanomboka ny taona 2019, izay atao miaraka amin'ny politikam-panjakana mitarika amin'ny fandraisana mpiasa eo amin'ireo Minisitery napetraka ho laharampahamehana sy entina mameno ny toeran'ireo mpiasa lasa nisotro ronono eny amin'ireo Minisitery hafa (isan'ny mpiasa raisina betsaka noho ny niala mba hahafahana mampitombo ny isan'ireo mpandoa latsakemboka), ary ny fampidirana ny tombony eo amin'ny CPR ho an'ny taona 2022 ao anatin'ny CRCM. Ny fanadiovana ny antontanisa fototra ho an'ireo mpisotro ronono ao anatin'ny fanavaozana tanterahan'ny MEF (famantarana ireo sy famafana ireo mpisotro ronono sy ireo manan-jo hisitraka izany izay hita fa tsy mari-pototra ») sy ny fampidirana anaty tontolon-drindrakajy mirindra na « digitalisation » ny fandoavana ny vola fisotroandronono dia hahafahana manana ambim-bava +1,5 miliara Ariary avy amin'ny fanafoanana ireo Taratasy fandoavam-bola tsikaritra anatin'izany. Ho fampatsiahivana, ny fanafoanana dia midika ho tsy fandoavana ireo zo momba ny fisotroandronono manomboka amin'ny fotoana nahafatesan'ilay mpiasa tompon'ny fisotroandronono na ireo olonkafa manan-jo hisitraka izany, na koa ny fahafenoan-taona ho an'ireo kamboty (21 taona).

Ireo vola miditra dia andrasana hitentina 604,7 miliara Ariary, izany hoe hisy fitomboana +215,1 miliara Ariary miohatra amin'ny an'ny taona lasa, izay ho azo avy amin'ny fitomboan'ny latsakemboka avy amin'ireo Minisitery sy Andrimpanjakana (+146,8 miliara Ariary) noho ny fitomboan'ny isan'ireo mpanao latsakemboka. Eo ihany koa ireo latsakemboka avy amin'ireo orinasampanjakana sy ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana izay hahafahana mampitombo ny

vola miditra eo amin'ny +9,7 miliara Ariary noho ny fanefan'ireo Kaominina an-drenivohitra sy ireo hetsika fanentanana nataon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanambola momba ny mahatsara ny fandoavana ny latsakemboka. Ny famindrana ireo ECD ho lasa ELD dia hitarika amin'ny fitomboan'ny vola miditra izay hahatratra +38,4 miliara Ariary ho an'ny taona 2022. Io vola lazaina io dia hisy ireo latsakemboka naloan'ny mpiasa nafindra niala avy any amin'ny CNaPS ho ao amin'ny CPR. Ny fandoavana ny elanelan'ny latsakemboka vokatry ny taha tsy mitovy eo amin'ny CPR sy ny CRCM dia hitondra amin'ny fiakaran'ny vola miditra ho +8,5 miliara Ariary. Ireo vola miditra hafa (+10,0 miliara Ariary) dia mahakasika ireo tetibolam-pandaniana izay tokony naverin'ireo ex-Budgets Provinciaux nolazain'ny fanapahakevitra ara-pitantanana sy ara-bola ho an'ireo mpiasa eny anivon'ireo sampan-draharaham-paritra.

Ny fandaniana indray dia hitentina 898,6 miliara Ariary, izany hoe hitombo +105,5 miliara Ariary miohatra amin'ny taona lasa. Voalohany, ny fiakaran'ny fisotroandronono manoloana ny fivoarana andrasana eo amin'ny tontolo ara-tsosialy sy toekarena dia hisy fiantraikany +86,0 miliara Ariary. Manaraka izany, ny fisotroandronon'ireo olona vaovao miisa 4 744 dia hitentina 25,2 miliara Ariary. Ankoatra izay, ireo mpisotro ronono vaovao miisa 1 515 nandritra ny taona 2021 dia hahazo fisotroandronono hahafeno ny 12 volan'ny ny taona 2022, ary izany dia hiteraka fandaniana fanampiny +14,2 miliara Ariary. Farany, ny fanovana ny kajy momba azy ireo dia hiakatra +7,0 miliara Ariary. Izy ireo dia mahakasika ny fandoavana ny vola mbola tsy azon'ireo tokony nisitraka izany nialoha ny nandehany ny nisotro ronono, toy ny fitomboana eo amin'ny « classe » na ny « échelon », izay nampitombo ny vola ho an'ny fisotroandronono nokajiana avy amin'ny karama farany noraisiny.

### **III.2.3. Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha**

Raha oharina amin'ny LFR 2021 dia nisy fitomboana ny PLFI 2022.

Antony roa no manazava io fitomboana io: etsy andaniny, ny fampandehana ireo fotodrafitr'asa natsangana tamin'ny 2021 ho an'ny sehatry ny fahasalamana, ny fiarovana sy ny fanabezana. Etsy ankilany kosa dia ho fanatanterahana ireo fanomezan-tokin'ny Governemanta na “engagements gouvernementaux” ary ihany koa ireo vidiny miverimberina na “coûts récurrents” an'ireo tetikasa lehibe toy ny fanafarana ombivavy be ronono sy ny fandoavana tambiny amin'ireo olona voatery hiala amin'ny toeram-ponenany noho ireo tetikasa “Train Urbain” sy “transport par cable”.

Mbola ho tazomina ho 380 miliara Ariary ny vola omena ny JIRAMA ka ao anatin'ny izany: ny fandoavana ny fandaniana amin'ny jiro sy rano ataon'ny Fanjakana, ny fanomezam-bola ho fampandehanan-draharaha sy famatsiam-bola.

Araka izany dia tsy hisy intsony izany ny sorabola eny anivon'ireo andrim-panjakana sy ministera ho an'ny fandaniana amin'ny jiro sy rano.

### **III.2.4. Fandaniana ho an'ny famatsiam-bolam-panjakana**

Tamin'ity taona ity, i Madagasikara dia nahazo vola “Droits et Tirages Spéciaux” (DTS) mitentina 332 tapitrisa Dolara Amerikana avy amin'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena. Ny ampahany betsaka amin'io vola io, izany hoe 1 100 miliara Ariary, dia ho ampiasana amin'ity tetibola 2022 ka ireo sehatra

laharam-pahamehana toy ny sosialy, ny fiarovana, ny angovo ary ny fotodrafitr'asa no hisitraka izany. Ny ambiny kosa dia ho ampiasaina amin'ny taona 2023.

Ho an'ny taona 2022 dia ho atomboka ny fampanarahana araka ny haitao ara-kajy mirindra na "digitalisation" ny mikasika ny karama sy ny fisitroan-dronono. Izy io dia hahafahana manatsara ny tolotra omena ireo mpisotro ronono sy ireo mbola am-perinasa ary ihany koa ahafahana manao fitsitsiana amin'ireo volam-panjakana. Ny fanavaozana dia ho atomboka amin'ny "digitalisation" ny fandoavana ny fisitroan-dronono ary ny tambin-karaman'ny mpiasa sivily sy miaramila.

Mba ahafahana manome tan-tsoroka ny fampandrosoana eny anivon'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia nampitomboana ny vola omena ireo kaominina. Ao anatin'izay tanjona izay ihany dia notazomina ny sorabola ho an'ny « Fonds de Développement Local » (FDL) sy ny « Crédits d'investissement destinés à l'appui au développement » (CIAD).

Misy ihany koa sorabola mitentina 302 miliara Ariary izay anjaran'ny fanjakana Malagasy na "contrepartie" an'ireo famatsiam-bola avy any ivelany.



### **III.3- TROSA**

#### *TROSA IVELANY*

Mitentina 828,0 miliara Ariary ny fitambaran'ny vola ho efaina ato amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2022 ka ny 588,0 miliara Ariary amin' izany no renivola ary mitotaly 240,0 miliara Ariary kosa ny zanabola.

#### *TROSA ANATINY*

Ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatin'ny dia tomanana ho 310,4 miliara Ariary. Ireo singa roa tena mandrafitra ireo vesatry ny trosa anatin'ny ireo dia ny zanabola aloa amin'ny "Bons du trésor" sy izay mifandraika amin'ny avansy omen'ny Banky Foibe. Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tomanana ho 9%.

### **III.4- KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKÀNA**

Ao anatin'ny kaonty manokan'ny tahirim-bolam-panjakana, ny kaontin'ny fisotroan-dronono dia hifandanja eo amin'ny 898,6 miliara Ariary, ny vola miditra sy ny fandania. Fa ny fandraisan'anjara amin'ny fampiakarana ny renivola amin'ny orinasa ataon'ny Fanjakana kosa dia hahatratra 295,4 miliara Ariary ka 177,1 miliara Ariary amin'ny fikambanana iraisampirenena. Ankoatr'izay, ny kaontin'ny fampindramam-bola ataon'ny fanjakana dia ahitana fitomboana raha oharina amin'ny ao amin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana nasiam-panitsiana 2021 noho ny fiakaran' ny famatsiana avy any ivelany ho an'ny orinasa SPAT, ho fanitarana ny seranan-tsambon'i Toamasina, izay mitotaly 240,7 miliara Ariary amin'ny taona 2022.

### **III.5- VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY**

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) araka ny fifanarahana misy dia vinavinaina ho 1,3 miliara Ariary. Hahatratra 13,0 miliara Ariary kosa ny fandania ho an'ny hana-pamokarana vatsian'ny FCV.

### **III.6- FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKÀNA**

Amin'ny ankapobeny, ny fanentsemama avy ato anatin'ny ny fatiantoka ara-tetibolan'ny Fanjakana dia azo avy amin'ny fampindramambola atao amin'ny alalan'ny fivarotana taratasimbola. Hahatratra

2 611,6 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra amin'izany raha toa ka 2 413,0 miliara Ariary ny vola haverina amin'ireo. Noho izany dia hitombo 198,6 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2022.

Ankoatr'izay, ny Tahirim-bolam-panjakana dia hanao avansy amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Raha ny momba ny avy any ivelany indray, ny fanampiana avy amin'ireo mpiaramiombon'antoka amin'ny alalan'ny fampindramam-bola hamatsiana tetikasa sy fanampiana ara-tetibola dia mitentina 2 498,0 miliara Ariary ho an'ny taona 2022. Ao anatin'izany ny fanampiana ara-tetibola avy amin'ny Banky iraisam-pirenena izay vinavinaina ho 150,0 miliara Ariary.

Amin'ny taona 2022 dia andrasana ny fanampiana mitentina 48,8 tapitrisa DTS avy amin'ny Tahirimbola iraisampirenena mikasika ny « Facilité Elargie de Crédits (FEC) ». Ankoatr'izay, ny Fanjakana Malagasy dia hampiasa ny vola fanampiana « allocation de DTS » avy amin'ny Tahirimbola iraisam-pirenena

Toy izany no antonanton'izao Volavolan-dalàna izao.

## **NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 018/2021  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA  
HO AMIN'NY TAONA 2022**



**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 018/2021  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA  
HO AMIN'NY TAONA 2022**

**I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA**

**ANDININY VOALOHANY**

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy faditseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2022.

**ANDININY FAHA-2**

**FEHEZAN-DALÀNA ANKAPOBE MOMBA NY HETRA**

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

**BOKY I**  
**HETRAM-PANJAKANA**  
**FIZARANA I**  
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY MITOVY AMINY**  
**LOHATENY I**  
**HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA**  
**ZANA-DOHATENY I**  
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)**  
**TOKO II**  
**SEHATRA AMPIHARANA**  
**SOKAJY II**  
**VOLA MIDITRA TSY VOAN'NY HETRA**

**Andininy 01.01.03.-**

Foanana ireo fepetra voalazan'ny 12° amin'ity andininy ity

**TOKO VII**  
**FIKAJIANA NY HETRA**

**Andininy 01.01.14.-**

a)- Foanana ireo fepetra voalazan'ny 2° sy 3° ny B ao amin'ny I- amin'ity andininy ity.

b)- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 1- ny C- ao amin'ny I- amin'ity andininy ity:

*“ Ireo orinasa izay mampiasa vola amin'ny famokarana sy famatsiana angovo azo havaozina, sy ireo ao anatin'ny sehatr'asa fambolena, fizahan-tany, indostria, tao-trano sy ny asa vaventy, dia afaka mahazo fampihenana-ketra mitovy amin'ny hetra mifanaraka amin'ny 20 isan-jaton'ny fampiasam-bola nataony.”*

**TOKO VIII**  
**FANDOAVANA NY HETRA**  
**AMPAHAM-BOLA NAROTSAKA MIALOHA**

**Andininy 01.01.15.-**

a)- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'ny paragirafy fahaefatra amin'ity andininy ity:

*“ Ho an'ireo mpandao hetra manana laharam-pamantarana izay manao asa fanafarana sy/na fanondranana, dia hakana ampaham-bola narotsaka mialoha amin'ny taha 2 isan-jato ampiharina amin'ny sandan'ny entana nafarana sy/na naondrana eo anivon'ny faditseranana, ary izany dia atao mandritry ny taom-piasana fito (7) voalohany. Tsy iharan'ny fandoavana izany ireo mpandao hetra :”*

b)- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faharoa amin'ny paragirafy fahaefatra :

*« - ireo mpanafatra akora fototra sy sy entana hosoratana ao anatin'ny fitanan-kaonty momba ny fananana mifaka raha tsy mampiseho taratasy fanamarinana avy amin'ny Fandraharahana ara-ketra. »*

## TOKO X ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

Foronina ny andininy 01.01.17 bis izay mirija toy izao :

*“ Andininy 01.01.17 bis.- Ho fandinganana ireo fepetra voalaza teo aloha, ho an'ireo asa voatondro manokana ka ny vidin'ny entana na ny saikin'asa dia voafaritra, apetraka ny fizorana amin'ny fitanana ifotony ireo hetra amin'ny vola miditra tokony nataon'ny mpandoa hetra tena izy. Ny mpandoa hetra ara-dalàna dia manao ny fandrotsahana ny hetra voatazona.*

*Ireo fombafomba fampiharana ity fepetra ity dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”*

### Andininy 01.01.19.-

Foanana ireo fepetra voalazan'ny paragirafy faha -7 amin'ity andininy ity.

## ZANA-DOHATENY III HETRA AMIN'NY TSENA-MBARO-PANJAKANA (IMP)

### TOKO II SEHATRA AMPIHARANA

#### SOKAJY I VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA

### Andininy 01.01.45.-

a)- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faharoa amin'ity andininy ity :

*“ ireo vola azo eto Madagasikara ho an'ireo tompon'ny tsema-mbaro-panjakana na ireo mpiandraikitra fanaovana asa dingana voalohany, olon-tokana na fikambanana, monina na tsia, manana toeram-piasana raikitra na tsia, azo avy amin'ny fampiasam-bolam-panjakana na inona na inona nahazoana azy : loharanom-bola manokana anatin'ny, fisamboram-bola, fanampiana, fanomezana ara-bola, sns..., avy amin'ny fividianana entana, saikin'asa, fanatanterahana asa ara-tsaina ary koa ny asa vaventy, ho an'ny vondron'olona miankina amin'ny fanjakana na tsia : ireo sampan-draharaham-panjakana, ireo vondrom-bahoakam-paritra, ireo fikambanana miankina amin'ny andrim-panjakana, ireo orinasa hananan'ny fanjakana petra-bola be indrindra, na inona na inona hiantsoana azy ireo : tomponandraikitra ny fifanarahana, mpanjifa, tompon'ny asa, ..sns, izany dia entina hanatanterahana ireo zavatra ilaina sy ireo tanjona trararina na ireo politikam-panjakana ;*

b)- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha-4 amin'ity andininy ity:

*“ - ny vola miditra amin'ireo mpamatsy entana izay nosokajiana ho fanomezana sy fanampiana, ary koa ny vola miditra amin'ireo mpanao saikin'asa natao teto an-toerana ho an'ny sampan-draharaham-panjakàna;”*

c)- Foanana ireo tsipika faha-5 sy faha-6 amin'ity andininy ity.

## SOKAJY II VOLA MIDITRA TSY VOAN'NY HETRA

### Andininy 01.01.46.-

a)- Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha-4 amin'ity andininy ity:

*“ - ny vola miditra amin'ireo mpamatsy entana sy ny asa nangatahin'ireo mpamatsy vola ka natao fanomezana sy nankatoavina mivantana ho an'ireo olona tsy miankina na olon-tsotra ivelan'ny politikam-panjakana ary koa ireo vola miditra amin'ireo tsena natao talohan'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2020 nahazo famatsiam-bola avy any ivelany;”*

b)- Ampidirana tsipika telo izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

*“ - ny vola miditra amin'ny mpamatsy entana avy amin'ny varotra anatiny, ireo sakafo fitsaboana tonga dia vonona, ireo vokatry ara-tsakafo manokana, ho an'ireo sampan-draharaham-panjakàna;*

*- ny vola miditra amin'ny mpamatsy entana avy amin'ny varotra hajia ataon'ny Paositra Malagasy, ireo fahana telefonika ho an'ireo sampan-draharaham-panjakàna;*

*- ireo vola raisin'ireo orinasa mpitantam-bola ho takalon'ny asa naloan'ny sampan-draharaham-panjakana sy/na ho amin'ny tombontsoany.”*

## LOHATENY II HETRA TAMBATRA TOKO III FOTOTRA AMERANA NY HETRA SOKAJY I FOTOTRA HAKANA NY HETRA

### Andininy 01.02.04.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy fahatelo amin'ity andininy ity:

*“ Ho an'ireo olona voalazan'ny andininy 01.02.02 II, ny hetra dia kajiana ary tazonin' ny olon-tsotra na fikambanana manana laharam-pamantarana ara-ketra izay miantoka ny fandrotsahana izany eo anivon'ny mpandray volan'ny ivo-ketra mpitantana ny antontan-taratasin-kestrany alohan'ny faha 15 ny volana manaraka ilay nanaovana ny fitazonana. Ny fototra hakana ny hetra dia ny vidin'ny entana sy/na saikin'asa. Ny filazana dia apetraka sy ankatoavina amin'ny sehatra ara-tambazotra natao ho an'izany na araka ny lasitra sy tovana faritan'ny Fandraharahana momba ny hetra.”*

#### TOKO IV FAMORIAN-KETRA

##### Andininy 01.02.06.-

Ovàna ho “ farafahatarany ny 31 Martsa ” ny vondro-teny “ alohan’ny 31 Martsa ” ao amin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity.

#### TOKO V ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

##### Andininy 01.02.08 bis.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity:

*“ Ny olona iharan’ny hetra tambatra izay nahatsapa fa ny vola matiny ao anatin’ny taom-piasana itsahana dia hihoatra ny Ar 200 000 000 dia tsy maintsy mametraka filazàna ny fiovan’ny fameran-ketra eny amin’ny sampandraharaha mitantana ny antontan-taratasin-ketrany mialoha ny fikatonan’ny taom-piasany. Io fiovan’ny fameran-ketra io dia mihatra avy hatrany amin’ny fiantombohan’ny taom-piasana manaraka mikasika ny zo aman’andraikitra mifandraika amin’izany.”*

#### LOHATENY III HETRA AMIN’NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)

#### TOKO VI FAMERANA NY HETRA

##### Article 01.03.16.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny paragirafy faharoa amin’ity andininy ity:

*“ Ny hetra dia kajiana amin’ny fampiharana ireo ampahan’ny vola miditra iharan’ny hetra araka ny taha mifanaraka amin’ny rafi-marika etsy ambany ; ny totalin’ny hetra aloa dia tokony hitovy amin’ny fitambaran’ny hetra voakajy isaky ny ampahany izay tsy tokony ho latsaky ny Ar 3 000.*

#### LOHATENY IV HETRA ALAINA AMIN’NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN’NY FANANANA MITERA-BOLA TOKO III FANAFAHANA ARA-KETRA SY FEPETRA MANOKANA Kaoperativa

##### Andininy 01.04.11.-

Foanana ireo fepetra voalazan’ity andininy ity.



**FIZARANA II  
SARAM-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO**

**TOKO II  
SANDA SY FIKAJIANA NY HETRA**

**SOKAJY IV**

**FAMINDRAM-PANANANA MISY SETRINY - SORA-PANEKENA SY FAMINDRAM-  
PANANANA VOAN'NY HABA**

Varotra sy fanekena hafa misy setriny mamindra tanana fahazakana na fizakam-bokatry ny tany aman-trano

**Andininy 02.02.39.-**

Foanana ny vondron-teny *"ny famerenana fanavotana aorian'ny fotoana nifanarahana amin'ny fanekem-bokatra azo avotana"*voalazan'ity andininy ity.

**FIZARANA III  
HETRA TSY MIVANTANA  
LOHATENY VOALOHANY  
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (D.A)**

**TOKO I  
SEHATRA AMPIHARANA**

**SOKAJY I  
FOTO-KEVITRA**

**Andininy 03.01.01.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*« Ireo vokatra notazana, nalaina, namboarina, nomanina, aondrana na koa afarana eto Madagasikara ary koa ireo raharaha voafaritra ao amin'ny tabilao tovana, dia mpiharana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandainiana izay raisina ho an'ny Tetibolam-panjakana ankapobe ka ireo taha dia voafaritra ao amin'io tabilao io. Ny raharaha voalaza etsy ambony dia tsy ampiharana ny fameran-ketra mikasika ny fanamboarana na koa mikasika ny fivezivezana. »*

**SOKAJY II  
VOKATRA TSY VOAN'NY HETRA**

**Andininy 03.01.02.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 1° sy 2° amin'ity andininy ity:

*« 1° ireo vokatra tsy mbola nandoavana hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandainiana, nalaina sy notaomina avy eto an-toerana ary aondrana any ivelany izay miveziezy amin'ny alalan'ny filazana fahazoana antoka, ankoatr'ireo vokatra voalaza ao amin'ny tabilao tovana, ny vokatra aondrana ampiharana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandainiana ;*

*2° ny alikaola tsotra natokana hikarakarana ireo fanafody na ampiasain'ireo seha-pitsaboana na ireo fikarohana ary koa ny alikaola nasiam-panovana araka ireo fepetra amam-pitsipika.*

*Ireo alikaola nahazoana taratasy fanamarinana ny hampiasana azy izay nataon'ireo mpanafatra na ireo mpividy izay voamarina mialoha tany amin'ny sampandraharahan'ny hetra ihany no mahazo fahafahana ara-ketra. Ireo fombafomba fampiharana ity fepetra ity dia faritan'ny didy amam-pitsipiky ny Minisitra misahana ny fandraharahana ara-ketra.”*

## TOKO II HANA IFOTORAN'NY FANDOAVAN-KETRA

### Andininy 03.01.03.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 1° amin'ity andininy ity :

*« 1° Ho an'ireo vokatra afarana na aondrana, amin'ny alalan'ny fanambaràna atao eny amin'ny biraon'ny fanditseranana amin'ny fanafarana na amin'ny fanondranana ; »*

## TOKO III FOMBA FAMERANA NY HETRA

### Andininy 03.01.04.-

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity:

*“ Ny famerana ny hetra amin'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana dia, na manokana, na ara-tsanda, na miaraka.”*

b) Ampiana tsipika faha-4 izay mirija toy izao amin'ny faran'ny paragirafy faharoa amin'ity andininy ity :

*« - Ho an'ireo vokatra aondrana, ny sandan'ny fanambarana atao izay tsy tokony ho latsaky ny vidin'ny vokatra eo amin'ny tsena anatin'ny. »*

## TOKO VII ANDRAIKITRA SAMIHAFANA NY MPANDOA HETRA

### SOKAJY I FOMBA FITANANA NY REJISITRA

#### I- Rejisitry ny fanamboarana

### Andininy 03.01.97.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

*“ Ireo mpamokatra, mpanomana na mpioty vokatra iharan'ny hetra eo ambanin'ny fitsipiky ny asa dia tsy maintsy mitazona arak'andro ny rejisitry ny fanamboarana.*

*Ny olona izay mividy sy mivarotra na mividy mba hanondrana volamena, ireo vato sarobidy sy sarobidy amin'ny ampahany dia tsy maintsy mitazona rejisitra fanoratana isan'andro ireo raharaha.”*

**SOKAJY II**  
**FAMETRAHANA FANAMBARANA FANJIFANA NY VOKATRA**  
**Fandoavana ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana**

**Andininy 03.01.102.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha-2 amin'ity andininy ity:

*“Ireo olona izay handeha any ivelany, manana vato sarobidy sy sarobidy amin'ny ampahany tsy mbola nandoa hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana, ary koa ireo izay mitondra volamena dia tsy maintsy mandoa io hetra io eny amin'ny biraon'ny faditseranana hiondranana.”*

**TOVANA**  
**TABILAON'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA (D.A)**

Ovàna toy izao ny tovana :

**TOVANA 1 :**

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	TAUX EXPORTE
<b>71.08</b>	<b>Or (y compris l'or platiné) sous formes brutes ou mi- ouvrées, ou en poudre.</b>	
	- A usage non monétaire :	
7108.11 00	-- Poudres .....	15%
7108.12 00	-- Sous autres formes brutes .....	15%
